



**FIADIDIANA NY REPOBLIKA  
FAMPITAM-BAOVAO**

**100 andro nitondran'ny filoha Andry Rajoelina : « Ny filohasy ny vahoaka  
manontolo tsy ankanavaka no miaraka mampandroso sy manavotra an'i  
Madagasikara »**

Ho fanamarihana ny zato andro nitantanany ny firenena dia nanao tatitra sy jery todika ny zava-bita nandritra izay fotoana izay tamin'ny vahoaka malagasy ny filoham-pirenena Andry Rajoelina. Notanterahina ihany koa izao fotoana izao mba hisian'ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny firenena sy hanamafisana ny velirano izay efa nataon'ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny vahoaka malagasy.

Teo am-piandohana dia nanambara ny filoha Andry Rajoelina fa ny tanjona dia ny fampandrosoana haingana sy maharitra ary misy fiantraikany mivantana eo amin'ny mponina sy ny firoboroboana ara-toekarena eto Madagasikara. Aingam-pandeha araka izany ihany koa ny fitantanana ny firenena hoy ny filoham-pirenena.

Mikasika ny fampandrosoana an'i Madagasikara iray manontolo, dia nitondra fanazavana ny amin'ny fametrahana ny governora isaky ny faritra ny filoha Andry Rajoelina. Ny fametrahana ny governora isaky ny faritra dia fampiharana mivantana ny fitsinjaram-pahefana ka hahaleotena ny faritra tsirairay amin'ny fampiasana ny lalam-bola omena azy ireo ho an'ny asa fampandrosoana.

Momban'ny fanafoanana ny Antenimieran-doholona kosa, dia nanazava ny filoha Andry Rajoelina fa ny tanjona dia ny hampiasanany volabe natokana ho an'ity andrim-panjakana iray ity ho ana tetikasa azo tsapain-tanana sy mipàka amin'ny vahoaka toy ny fanamboaran-dalana sy ny fampidirana herinaratra amin'ny alalan'ny angovo azo havaozina.

Nanamafy ihany koa ny filoha Andry Rajoelina fa tsy maintsy ho tanterahina ny politika ankapoben'ny fanjakana izay manomeny tari-dalana hahatratrarana ny tanjona dia ny fampandrosoana ny nosy. Efa noraisina ny fepetra entitra hiadiana amin'ny kolikoly, nisy ireo hetsika nataon' ireo miaramila sy zandary hiady amin'ny tsy fandriam-pahalemana, efa manomboka ireo asa fampidirana rano fisotro madio any atsimo, 200 tapitrisa ariary no natokana ho an'ny tetikasa Fihariana fandaharam-pirenena ho an'ny tanora ny fandraharahana. Efa manomboka ihany koa ny asa fanarenana lalana manerana ny nosy toy ny RN5A mampitohy an'Ambilobe sy Vohemar sy ny lalam-bemigodana manomboka eo Toamasina mipàka amin'ny RN2. Nohamafisin'ny filoha Andry Rajoelina nandritra ny tatitra izay nataony fa tsy maintsy hahaleo-tena ara-tsakafo i Madagasikara ao anatin'ny dimy taona. Hanampy hanatanteraka izany ny tetikasa fanitarana sy fanarenana ny hodidin'ny Mangoky izay efa nahazoana famatsiam-bola tamin'ny BAD.

Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia noderain'ny fianakaviambe iraisam-pirenena i Madagasikara tamin'ny fampiharana ny demokrasia ary noderain'ireo mpitondra firenena vahiny ny filoha Andry Rajoelina noho ny fahavononany sy ny vina napetrany entina hampandrosoana faingana ny fireneny. Nasian'ny filoha Andry

Rajoelina tsindrim-peo manokana ny momba ny orinasa Jirama ka nanambara izy fa hiady ho an'ny tombontsoam-bahoaka ary tsy hilefitra manoloana ireo endrika fanararaotana ataon'ireo orinasa mpamokatra solika. « Tsy ny filoham-pirenena irery no hitondra ny fampandrosoana fa ny vahoaka iray manontolo. Isika rehetra no hiaraka hampandroso sy hanavotra an'i Madagasikara » hoy ny filoha Andry Rajoelina teo am-pamaranana.

Fiadidiana ny Serasera sy ny Fifandraisana  
28-04-2019